Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

VF Talata 16 jona 2020

Thème : Davida sy Batseba

Texte : 2 Samoela 11,1-27

Mitarika: Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM426/1,2

1.Nanatona Anao, Mpanavotra ô!
Ny olo-mahantra fahiny.
Ny rofiny be, ny senton'ny fo
Naneho fa soa no niriny.
Tsy nety ho sasatra Hianao,
Tsy nisy nolavina akory,
Fa samy nandray ny indrafonao,
Ka ravo ny olona ory.

2.Manatona Anao, ry be indrafo,
Ny olo-mahantra anio,
Fa be siasia sy reraka am-po,
Ka raisonao ankehitrio!
Ny maty omeo aina vaovao,
Ny sasatra ampiadano,
Ny masonay jamba mba hazavao.
Ny rofin'ny fonay sitrano.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM452/1

1. Tompo ô! Ovay ny foko
Mba ho mora anarina
Toy ny an'ny zazakely
Tsotra sady marina,
:,: Tsy mialona, tsy maditra,
Fa manao ny sitrakao. :,:

Fampidirana

FFPM356/1

1. Ry mpanota! Mihevera;
Fa miantso Kristy izao;
Izy ta-handray mpanota,
Manatona hianao;
:,: Mihainoa, mihainoa,
Ka ario ny ditranao.:,:

Vakiteny 1 : 2 Samoela 11,1-5

Fanazavana fohy

FFPM356/2
2. Ry mpanota! Miverena
Ao am-balan'i Jeso;
Aza dia mirenireny,
Sao iharan-doza izao:
:,: O! modia, O! modia,
Ialao ny ditranao.:,:

Vavaka isan-tokantrano

- Misaotra an'Andriamanitra mbola afaka mihaino ny teniny.
- Mifona ny amin'ny zava-dratsy nalehan'ny maso.
- Mangataka amin'Andriamanitra mba hanana fahononantena.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : 2 Samoela 11,6-13

Fanazavana fohy

FFPM356/3
3. Ry mpanota! Manatona
Dieny misy antso 'zao,
Fa ho avy ny fotoana
Mbola hanenenanao:
:,: O! avia, O! avia,
'Zao ankehitriny 'zao.:,:

Vavaka isan-takantrano

- Mifona ny amin'ny teti-dratsy entina hanaronana ny fahotana.
- Mangataka mba ho fetsy tsara fa tsy ho fetsy ratsy.
- Mangataka fifonana ho an'ireo mpijangajanga nandrava tokantrano maro.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : 2 Samoela 11,14-21

Fanazavana fohy

FFPM356/4
Ry mpanota! Matokia,
Tompo mora fo Jeso;
Izy dia tena tia
Izay mibebaka tokoa;
:,: Matokia, matokia,
Mibebaha re izao.:,:

Vavaka isan-tokantrano
- Mivavaka ho an'ireo nilaozan'olon-tiana noho ny sotasotan'ny fiainana.
- Mivavaka ho an'ireo kivy sy diso fanantenana ka mila tsy hahazaka ny hazo fijaliany.
- Mivavaka ho an'ireo izay tsy salama rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : 2 Samoela 11,22-27

Fanazavana fohy

FFPM356/5
5. Ry Sakaizan'ny mpanota,
Ento aho ho Anao;
He! Ny tenako rehetra
No atolotro izao;
:,: Raisonao re, raisonao re
Ho fanati-tsitrakao.:,:

Vavaka isan-tokantrano
- Hibaboka eto anatrehan'Andriamanitra ny amin'ny ota nafenina rehetra.
- Mba hahay hiambina ka hahatohitra fakam-panahy ary handray ny fiadian'Andriamanitra rehetra.
- Mba handresy ilay ratsy ny vahoakan'Andriamanitra rehetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM639/1
1. Ry miaramila! Mandrosoa izao,
Kristy Kapiteny mialoha anao;
Ao aloha tafika, loza, ratra be,
Fitsaharana tsy misy, misikina re.

Hafatra
« Farany, mahereza ao amin' ny Tompo sy amin' ny herin' ny faherezany. Tafio avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hifahatra amin' ny fanangolen' ny devoly. Fa isika tsy mitolona amin' ny nofo aman-drà, fa amin' ny fanapahana sy amin' ny fanjakana sy amin' ny mpanjakan' izao fahamaizinana izao, dia amin' ny fanahy ratsy eny amin' ny rivotra. Ary noho izany, dia raiso avokoa ny fiadian' Andriamanitra, mba hahazoanareo hanohitra amin' ny andro mahory; ary rehefa vitanareo avokoa, dia hahafahatra hianareo.» Efesiana 6,10-13

FFPM639/3,5
3. Aza miamboho na miherika,
Ao an-tratranao ny fiarovana;
Aza mba matahotra, fa sahia
fandrao
Raha tsy mandresy, dia ho resy hianao;
Ry miaramila! sns...

5. Kristy Kapiteny tapitra ohatra,
Izy no mpiaro ny mpanafika;
Miankina aminy mafy hianao,
Ka aza mba ny tenanao no
itokianao:
Ry miaramila! sns...

Tsodrano
Fiadanana anie ho an' ny rahalahy ary fitiavana mbamin' ny finoana avy amin' Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ny fahasoavana anie ho amin' izay rehetra tia an' i Jesosy Kristy Tompontsika amin' ny fitiavana tsy mety levona. Amena.